*R. M.*

# KABARIND-

# RANAVALOMANJAKA,

## MPANJAKA NY MADAGASCAR,

*&c. &c. &c.,*

NENTIND-

## RAINILAIARIVONY,

PRIME MINISTER SY COMMANDER-IN-CHIEF,

TAMY NY AMBANILANITRA,

*Tao Andohalo, ka natao an-Kabary tamy ny Fanjakany Madagascar, tamy ny 20 June (11 Alakaosy), 1877.*

NOTONTAINA TAMY NY PRESIN' NY
MPANJAKA NY MADAGASCAR,
AO ANATI-ROVA.

*Antananarivo*, 11 *Alakaosy* (20 *June*), 1877.

# RANAVALOMANJAKA,

*Noho ny fahasoavan' Andriamanitra, sy ny sitrapon' ny vahoaka, Mpanjaka ny Madagascar, sy Mpiaro ny Lalàn' ny Taniny, &c. &c. &c.*

I.

IZAO no lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra: Ity Tany sy ity Fanjakana ity, ANDRIANAMPOINIMERINA no foin' Andriamanitra ho Tompony. Ka lazaiko aminareo, fa raha nanjaka tamin' ity Tany ity ANDRIANAMPOINIMERINA, dia nataony izay hahavoriany any Imerina; ka tsy mba nentiny tamimpitaka, fa nentiny tamy ny rariny sy ny hitsiny, koa voriny Imerina: nandry ny Tany, nandry ny Fanjakana, fa Andriamanjaka tsy mba namadi-panaikena tamin' olona izy; koa lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra, ho fantatrareo tsara: fa ny be nanana ny azy, ny kely nanana ny azy.

Kanefa, ry Ambanilanitra, izay Lalàn' ny Fanjakana nataony tamin' izany,—nataony handrian' ny Tany, handrian' ny Fanjakana,—dia nankatoavin' ny rainareo-be sy ny rainareo, fa tsy mba nisy sahy namotsifotsy na niratsira izany Lalàny izany ny rainareo-be sy ny rainareo, fa izay nataon' ANDRIANAMPOINIMERINA ho natao sy tsy ho natao, dia tanteraka sy nankatoavin' ny rainareo-be sy ny rainareo sy ny Ambanilanitra.

Ary izay nataon' ny rainareo-be sy ny rainareo hahasoa ny Tany, hahasoa ny Fanjakana, tamin' izany kosa dia tsy mba nolavin' ANDRIANAMPOINIMERINA, fa narahiny sy nekeny, satria tsy mba nifamadi-panaikena Izy amy ny fitadiavany hahasoa ny Tany sy ny Fanjakana: fa Izy Andriamanjaka nanoro sy nanambara izay rariny harahina; ary ny mpa-

nompo kosa tsy mba nisorona Andriamanjaka amin'izay ho entina mahatsara ny Tany sy ny Fanjakana. Koa noho izany, dia nandry Imerina, ka lazaiko aminareo Ambanilanitra, mba ho renareo, fa zaza mpandimby ray avokoa no sisa, fa lasa ny Bekotromaroholatra.

## II.

Ary nony taminy LEHIDAMA kosa indray, dia mbola ireo Bekotromaroholatra ireo hiany no mbola nanotrona any LEHIDAMA, ka hoy ny tenin' ANDRIANAMPOINIMERINA tamin' ireo Bekotromaroholatra ireo : "Hapetrako aminareo DAMALAHY, ka tsinjovy mandeha, fa aza avela hitsanga-menatra, ary aza omem-bohony, fa mbola indreo avokoa hianareo izay niara-namory tamiko, fa nanaovako ny aiko tsy ho zavatra sy namonoanareo tena ity Fanjakana ity. Fa LEHIDAMA anie zana-borona hanateranareo ny efa, fa be no heveriny, fa hianareo no hanao azy, koa aza enti-meloka, ary aza ampangidin-koditra fa tsy mahita ; fa tandremo izay hahasoa any LEHIDAMA sy ny Fanjakana, ary raha mahatsiaro Ahy hianareo, dia mankanesa ao aminy, koa ataovy aminy izay fitondrana nataonareo tamiko ; koa aza ilazam-bohony, ary aza fitahina, fa ny Andriamanjaka tsy mba manan-kavana, fa izay mankato ny Teniny sy mino ny Lalàny no havany.

"Kanefa kosa, lazaiko amin' Ialahy, ry LEHIDAMA, fa raha manao ny tsy mety amy ny Fanjakana ireo, jinjao ka avalano rano, fa tsy mba manana adi-varotra amin' ilehireo Aho, fa efa soa nifamaliana ny Ahy sy azy. Koa lazaiko amin' Ialahy, ry LEHIDAMA, tadiavo hiany izay hahasoa sy hahatevina izao Fanjakana izao, fa Ialahy hiany no anton' ny Fanjakana, ary indreo ry zalahy hiara-manao amin' Ialahy."

Ary nony nanjaka LEHIDAMA, ry Ambanilanitra, dia nataony ny LEHIDAMA sy ireo Bekotromaroholatra ireo izay hahasoa ity Tany sy Fanjakana ity, hitanany ny finari-bavan' ANDRIANAMPOINIMERINA, ka maro ny zavatra niseho izay nataony LEHIDAMA hahasoa ity Tany sy Fanjakana ity, ka tsy mba izay nitandrovany LEHIDAMA fahandrianana, fa nataony

halatsa-bato an-tànana an-dRabodonandrianampoinimeri
ka notovinareo ny Didy sy ny Lalàna, handrian' ny Ta
sy ny Fanjakana; fa tsy olombelona no tianareo sy mami
reo fa Rabodonandrianampoinimerina, tsy hiovan' ny ten
Andrianampoinimerina sy Lehidama, ka lazaiko aminar
izany ho fantatrareo, ry Ambanilanitra.

## IV.

Ary nony tamin-dRasoherimanjaka indray, ry Ambani
tra, dia mbola tsy novan-dRasoherimanjaka ny tenin' A
drianampoinimerina, sy Lehidama sy Rabodonandrianampoi
merina, ary nataony izay hahasoa azy, ka notànany sy nob
zoninareo Ambanilanitra izany hoentina mitana ny Tany s
ny Fanjakana, fa Rasoherimanjaka sy hianareo, ry Amban
lanitra, tsy mba ratsiain' ady fa ratsiaim-pihavanana.

Koa noho izany, dia nanao Fanaikena tamy ny Hava
any an-dafin' ny ranomasina Izy tamy ny taona 1865 (
taona izay). Ka ao anatin' ny Teny Fanaikena, ry Ambani
nitra, misy teny manao hoe: Ny olona nangalarina avy a
an-dafin' ny ranomasina tsy hoentina na hamidy na hovid
ho tonga andevo any amy ny Fanjakany Madagascar. K
nefa izy iny efa fantatrareo sy hitanareo iny, ry Ambani
nitra, ny teny ao anatin' ny Fanaikena. Kanefa anie, r
Ambanilanitra, raha avy izay nanaovany iny Teny Fanaik
nataony tamy ny Havany any an-dafin' ny ranomasina i
Rasoherimanjaka anie tsy nanao jadon' ny Mpanjaka na nan
tenikofe Andriana, fa niera tamin-dray sy nidinika tam
dreny Izy, fa ny Ambanilanitra no rainy aman-dreniny. K
nifanarahan-dRasoherimanjaka taminareo Ambanilani
anie iny Teny Fanaikena nataony tamy ny Havany any a
dafin' ny ranomasina iny vao nataony; fa hianareo, ry A
banilanitra, no nataony solon' Andrianampoinimerina sy L
hidama sy Rabodonandrianampoinimerina, fa Izy napetra
aminareo, ary hianareo navelany aminy.

Koa tamin-dRasoherimanjaka anie, ry Ambanilanitr
samy efa niara-nilazana hianareo, na ny teto am-povoan-tan

na ny tany amoron-dranomasina, hiara-mitandrina tsara, fa ny olona nangalarina avy any an-dafin' ny ranomasina tsy azo handevozina na hamidy hatao andevo, noho ny Teny efa nifanaikeny tamy ny Havany any an-dafin' ny ranomasina ka lazaiko aminareo Ambanilanitra, ho fantatrareo tsara.

## V.

Koa inty mby amiko Izaho RANAVALOMANJAKA, ry Ambanilanitra, fa foin' Andriamanitra ho Ahy ny Tany sy ny Fanjakana, fa Izaho no fanovan'ny Roa ambin'ny folo Manjaka, ary tsara tsio-dranon' Izy Efa-mianaka, ka lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra, fa Izaho napetrany aminareo, ary hianareo navelany amiko.

Koa noho izany, ry Ambanilanitra, dia nankiniko amin' Andriamanitra ny Fanjakako, mba hitondrako anareo amy ny rariny sy ny hitsiny. Koa raha izay teny efa tamin' ANDRIANAMPOINIMERINA izay, ka ny taminy LEHIDAMA sy RABODONANDRIANAMPOINIMERINA sy RASOHERIMANJAKA, koa izay no mba hovan' olombelona, ka hodian-tsy tsaroana ka hodian-tsy fantatra; koa indrindra ka mba hanova ny Teniko Izaho RANAVALOMANJAKA, ka hanao Andriamanjaka azoko am-po ka hanao hoe, 'ataoko fe tsy haninona,' na iza andrian-dray na iza andrian-dreny, na ny lehibe na ny kely, ka mba hanova izany, laviko Izaho sy hianareo, ry Ambanilanitra. Fa tsy izay, ry Ambanilanitra?

Koa izao no lazaiko aminareo, Ambanilanitra, raha izay Fanaikena nataon-dRASOHERIMANJAKA tamy ny Havany any an-dafin' ny ranomasina izay, ka efa nekenareo Ambanilanitra, fa tsy nataony teniko fe Andriamanjaka, fa nierany tamin-dray nierany tamin-dreny, fa hianareo Ambanilanitra no nataony solon' Izy Efa-mianaka, ka mba hanamavo izay Teny efa nifanaiken-dRASOHERIMANJAKA tamy ny Havany izay, indrindra fa ny teny ao anatin' ny Fanaikena manao hoe, ny olona nangalarina avy any an-dafin' ny ranomasina tsy hoentina na hamidy na hovidina ho tonga andevo any amy ny Fanjakana

Madagascar, laviko Izaho sy hianareo, ry Ambanilanitra
Fa tsy izay, ry Ambanilanitra?

Koa ny amin'izany, ry Ambanilanitra, fa tahaka ny ma sy sofiko avokoa izao rehetra izao, ka raha naharere Aho ny Masombika avy any an-dafin' ny ranomasina aterina amy ny tany mangingina, ka ampianarina teny Malagasy koa rehefa mahay teny Malagasy any vao aeliny amy sisin-tany hamidiny, ka ny mpividy ta-hahazo tombony ny mpivarotra ta-hahalafo, ka akariny ho etỳ anelanelan ataony tsy ahafantarana. Koa raha nahare izany Aho, Ambanilanitra, dia nataoko ny Kabary tamy ny taona 18 fandrao mitsoaka ny Teny efa nifanaiken-dRasoherimanjaka tamy ny Havany any an-dafin' ny ranomasina sy ny Teny nekenareo, fa Izaho no solon-dRasoherimanjaka, ka nata hoe: Raha izao Masombika vaovao vao niditra teto Mada gascar hatramy ny 9 taona nahavitana ny Fanaikena dia ataoko isan' ny Ambaniandroko izany, ka tsy mba handevozina; ka nataoko izany taminareo Ambanilanitra sarotra ny mamadi-panaikena. Koa hatramin' izany, ry Am banilanitra, niandry Aho izay hanolotra ny Masombika vao hanao hoe: Itony ny anay vaovao hatramy ny 9 taona, aterinay eto aminao Tompony; kanjo tsy nisy nanolotra hi nareo, ka gaga Aho, ry Ambanilanitra; fa ny tany amy seranana tsirairay hiany no nisy nanolotra, ka efa nalefa ho Ambaniandro izany.

Kanefa anie, ry Ambanilanitra, fantatrareo hiany fa manana Masombika vaovao, koa tsy nolazainareo tamiko nodianareo tsy hita, nefa tsy aiza fa izao mifanolo-bo rindrina aminareo sy mifanao atsinanana sy andrefana mifanao atsimo sy avaratra izao hiany, koa dia tsy ho tatrareo va izay manana amin' izany, na ny ela teto ta Lehidama, na ny tamin-dRabodonandrianampoinimerina, ny tamin-dRadama II., ny nanana Masombika vaovao ha my ny nanaovan-dRasoherimanjaka ny Fanaikena ny Havany any an-dafin' ny ranomasina? Ary tsy efa meko fahalalana va hianareo, nataoko hoe: 'Ny Masom

hatramy ny 9 taona nanaovana ny Fanaikena dia alefako ho Ambaniandro'? Kanefa hatramin' izao tsy nisy nanolotra hianareo.

Koa ankehitriny izao, ry Ambanilanitra, efa reko marina fa mbola misy manao sain-dratsy hiany mampiditra Masombika any an-tsisin-tany manao tsy ahafantarana, ka ataony toy ny efa mainti-molaly, ka mbola misy mividy hiany. Koa raha izany no mba atao amy ny Taniko sy ny Fanjakako, ka hamadika ny Teny efa nifanaiken-dRASOHERIMANJAKA tamy ny Havany, koa tsy iza no solony fa Izaho RANAVALOMAÑJAKA, fa foin' Andriamanitra ho Ahy ny Tany sy ny Fanjakana, laviko Izaho sy hianareo izay manao izany, ry Ambanilanitra. Fa tsy izay, ry Ambanilanitra?

Koa lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra, fa raha ny eto amy ny Tanintsika, araka ny Lalàn' ny Fanjakana, raha mividy halatra helohina; koa indrindra fa ny Masombika avy any an-dafin' ny ranomasina izay efa fantatrareo fa halatra, nefa vidinareo hiany, ary mbola misy koa manao tsy ahafantarana hiany ny mpividy sy ny mpivarotra sy ny ta-hanana.

Koa lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra, fa Izaho no foin' Andriamanitra ho Tompon' ny Tany sy ny Fanjakana, koa dia tapahiko amin' izao, ry Ambanilanitra, fa Andriamanjaka tsy mba tia vezovezo Aho, koa dia Hovotsorako avokoa ny Masombika rehetra tonga eto amy ny Fanjakako· ho Ambaniandroko, na ny maintimolaly na ny vaovao, ka lazaiko aminareo. Fa tsy izay, ry Ambanilanitra?

Ka raha misy tsy mankato izao Teniko izao, ka mbola manandevo ny Masombika hiany, dia ataoko meloka, ry Ambanilanitra, ka helohiko araka ny Lalàn' ny Fanjakana. Fa tsy izay, ry Ambanilanitra?

Ary lazaiko aminareo koa, ry Ambanilanitra, fa na iza nividy Masombika, na iza nivarotra, dia tsy misy mahazo manao arakaraka mifanara-bola intsony, fa tapaka amin' izao. Ka raha misy mifanao arakaraka sy mifanara-bola

amin' izany dia ataoko meloka. Fa tsy izay, ry Amba[nilanitra]? lanitra ?

Ary raha izao Teniko efa nandidiako azy izao, ka izao entinao hamoky ny hendry, ka hanome fo ny adala, hanao kororoha amy ny Taniko sy ny Fanjakako: manao izany, ry Ambanilanitra, na zovy na zovy, ata[o]... meloka mahatratra ny aina, fa Izaho Andriana tsy ma... taka. Fa tsy izay, ry Ambanilanitra ?

Ary izao no lazaiko aminareo, ry Ambanilanitra: Iz[aho] mahatana ny Tenin' ANDRIANAMPOINIMERINA, ka tsy man... ny Teniny LEHIDAMA sy RABODOANDRIANAMPOINIMERINA RASOHERIMANJAKA, ka indrindra ka mahatana ny Teni... Izaho RANAVALOMANJAKA, fa Izaho no solon' I... Efa-mianaka, dia matokia, fa Izaho no aron' ny vady, Iza[ho] no aron' ny zanaka, Izaho no aron' ny fananana, koa reh[efa] ataoko hoe matokia, dia matokia tokoa. Fa tsy izay, ... Ambanilanitra ?

*Hoy*

# RANAVALOMANJAKA,

## MPANJAKA NY MADAGASCAR,

*&c. &c. &c.*

---

*Tenin-dRANAVALOMANJAKA, Mpanjaka ... Madagascar, marina tokoa io, hoy*

## RAINILAIARIVONY,

PRIME MINISTER SY COMMANDER-IN-CHIEF.

---

*HOHASOAVIN' ANDRIAMANITRA ANIE NY ANDRIAMANJAKA.*